# Ilay Voa Tsara Nafafy 07 Jolay 2018

# 7 Asabotsy
jolay

**Koa amin'izany, satria fantatsika ny fahatahorana ny Tompo, dia ny olona no ampanekenay... Koa dia iraka solon'i Kristy izahay, toa an'Andriamanitra mampangataka anay aminareo, solon'i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe : mihavàna amin'Andriamanitra anie ianareo.**
2 Korintiana 5. 11, 20

**Loza tena misy**
Nisy afo nirehitra tampoka tao amin'ny efitra misy ny milina mampandeha sambo iray mpitondra mpizaha tany. Natahorana hiitatra hatrany amin'ny tranon-dasantsy izany. Farany anefa dia voavono ihany ilay afo. Rehefa tsy nisy loza natahorana intsony, dia nanontanian'ny kapiteny ity vehivavy mpanakanto malaza anisan'ny mpandeha, raha nahatsapa fa lozabe no nitatao.

— Tena tsapako tokoa, hoy izy namaly, satria naverimberina tamin'ny mpandeha fa tsy misy tokony hampanahy. Avy hatrany dia fantatro fa tena zava-doza no nitranga.

Nahatakatra ny tranga tena nisy io vehivavy io, noho ireo filazana toa te hanome toky. Matetika mantsy dia atao malefadefaka ny filazana loza, mba hisorohana ny fisaritahana. Maha sadaikatra ny hilaza amin'olona marary mafy hoe efa akaiky ho faty izy. Toy izany koa ankehitriny, hoavy feno fiadanana sy fandrosoana no resahina, ho an'ity tany misy antsika ity, kanefa any amin'ny sehatra rehetra dia efa maro ny fambara loza. Izaho ve manaiky horotsirotsian'ireny teny tsy mitombina ireny ? Sa ve aho manana faniriana sy hery te hahafantatra ny zava-misy marina ? Andriamanitra kosa anefa dia miresaka fitsarana. Tsy mba mamitaka antsika Izy.

Ny teny nomena androany dia manambara mazava fa ny toe-javatra misy ankehitriny no manosika ireny mpanompon'iAmanitra ireny hampahafantatra ny Filazantsara. Maha sahiran-tsina azy ireny mantsy ny loza miandry ireo rehetra izay tsy mitodika amin'Andriamanitra. Koa tsy maha sasatra azy ireny ny mitaona ny olona rehetra mba hihavana amin'Ilay Andriamanitra Mpamonjy.

Aza atao tsinontsinona ireny fampitandremana ireny ! Ekeo fa very ianao ary mitadiava fialofana sy famonjena ao amin'i Jesosy Kristy.